



BDC

**TETIBOLA HO AN'NY
OLOM-PIRENENA
MIFANDRAIKA AMIN'NY LALÀNA
MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
NASIAM-PANITSIANA 2026**

TENY FANOLORANA

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia manolotra ho an'ny besinimaro ny Tetibola ho an'ny Olom-pirenena 2026, izay fandikan-teny tsotran'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2026, ka natao hanamorana ny fahazoan'ny olom-pirenena ny fanitsiana natao tamin'ny Tetibolam-panjakana nandritra ny taom-piasana.

Ity Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity dia novolavolaina tao anatin'ny toe-draharaha voamariky ny voka-dratsin'ny ambana amin'ny toetrandro nitranga tato ho ato sy ny fifanentanana teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izay nisy fiantraikany tamin'ireo fifandanjana ara-toekarena ankapobeny napetraka tany am-piandohana. Manoloana izany dia nisy fanitsiana natao teo amin'ny tetibola mba hamaliana ireo filàna maika nateraky ny zava-misy sy hitsinjovana ny fitantanana ny volam-panjakana. Mifototra indrindra amin'ny famindrana ny loharanom-bola ho any amin'ireo sehatra laharam-pahamehana izy io. Ny tanjony dia ny hanatsarana ny fampiasana ny volam-panjakana sy hampifantoka indray ny fandanianana araka ny tari-dalan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny Fanavaozana sy ireo laharam-pahamehana ho fanarenana sy fampiroboroboana ny toekarena.

Amin'ny alalan'ity antontan-taratasy ity, ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia manamafy indray ny fanoloran-tenany amin'ny fangaraharana ara-tetibola sy ny fampandraisan'anjara ny olom-pirenena, mba hahatakaran'ny besinimaro kokoa ireo safidy ara-tetibola entina hampandrosoana ny firenena.

AMBANGOVANGONY

TENY FANOLORANA.....	3
I. ANTONYNANAOVANA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026.....	6
II. FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKANA AO AMIN'NY LFR 2026	8
III. IREO LAHARAM-PAHAMEHANA EO AMIN'NY FITSINJARANA NY FANDANIANA 9	
IV. LOZA METY HIANTRAIKA AMIN'NY TETIBOLA	10
V. VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA	11
1.Vinavina harifaobe	11
2.Fitomboan'ny sehatrasa	12
VI. VOLA MIDITRA	14
1.Loharanon'ny vola miditra.....	15
2.Vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny	15
3.Vola miditra avy amin'ny habantseranana	16
4.Vola miditra ivelan'ny hetra	16
5.Fanomezana	17
VII. FANDANIANA AO ANATIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026.....	18
1.Fehin'ireo fanovana lehibe	18
2.Fitsinjarana ny fandanium-bola araka ny sokajiny ara-toekarena.....	19
3.Fitsinjarana ny fandania araka ny firaiketany ara-panjakana.....	20
4.Fitsinjarana ny fandania araka ny sokajin'andraikiny	22
VIII. TSY FAHAMPIANA ARA-TETIBOLA AO AMIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026.....	23
1.Tsy fahampiana ara-tetibola	23
2.Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola	23
IX. INONA NO ATAO HOE : « TETIBOLA MAITSO » ?	24
1.Nahoana no misy « Tetibola Maitso » eto Madagasikara ?	24
2.Inona avy ireo lahasa novatsiam-bola ?	24
3.Ireo fiovana ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana : ireo antontan'isa manan-danja	24
X. FANOVANA LEHIBE AMIN'NY FEPETRA ARA-KETRA	26
1.Fepetra vaovao ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra	26

2.Fepetra vaovao ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana	27
XI. SANTIONAN'IREO FEPETRA MANOKANA	28
FANAZAVAN-TENY	29
FANAFOHEZAN-TENY	30

Lisitry ny Fafana

Fafana 1 : Vinavina harifaobe	11
Fafana 2 : Fiovan'ny taham-pitomboan'ny sehatr'asa	12
Fafana 3 : Fitambaran'ny vola miditra amin'ny Fanjakana.....	15
Fafana 4 : Fehin'ireo fanovana lehibe momba ny fandania	18
Fafana 5 : Fitsinjarana ny fandania isan-tsokajiny	19
Fafana 6 : Fitsinjarana ny Tetibola isaky ny minisitera sy ny andrimpanjakana	20
Fafana 7 : Fivoaran'ny tetibola maitso araka ny fepetra	24
Fafana 8 : Fivoaran'ny Tetibola maitso ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026.....	25

Lisitry ny Kisary

Kisary 1 : Fivoaran'ny seha-pihariana.....	13
Kisary 2 : Vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny araka ny sokajin-ketra	15
Kisary 3 : Vola miditra avy amin'ny habantseranana.....	16
Kisary 4 : Vola miditra ivelan'ny hetra	16
Kisary 5 : Firafitry ny fanomezana	17
Kisary 6 : Fitsinjarana ny fandania-bolam-panjakana araka ny andraikiny	22
Kisary 7 : Vinavinan'ny tsy fahampiana ara-tetibola.....	23
Kisary 8 : Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola	23

I. ANTONY NANAOVANA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026

Toe-draharaha iraisam-pirenena :

- » **Krizy ara-angovo sy fifanentanana any amin'ny firenena Arabo** : Ny tsy fandriampahalemana goavana sy ny fitomboan'ny fifanentanana tany Iran dia niteraka fiovaovan'ny vidin-tsolika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena ary nampiakatra ny saran'ny fitateran'entana an-dranomasina.
- » **Fikorontanan'ny varotra maneran-tany** : Fiverenan'ny politika fiarovana ny tsena anatin'ny ataon'ireo firenena matanjaka, fikorontanan'ny lalam-barotra iraisam-pirenena sy ny ahiahy tsy mitsahatra mahakasika ny fanavaozana ny AGOA.

Toe-draharaha teto amin'ny firenena :

- » **Fahasimbana goavana vokatry ny toetrandro** : fandalovan'ny rivotro nifanesy, Fytia (janoary/febroary 2026) sy Gezani (febroary 2026), izay niteraka tondra-drano tany amin'ireo faritra lehibe mpamokatra vary, sy fahasimbana goavana tamin'ireo voly fanondrana ary tamin'ireo fotodrafitrasa indostrialy.
- » **Voka-dratsin'ny krizy ara-toekarena** : fatiantoka ara-pitaovana mitentina 231,4 lavitrisa Ariary vokatry ireo hetsika sy fandrovana tamin'ny faran'ny taona 2025, miampy ny krizy ara-angovo izay mbola mitohy.

Fepetra fanitsiana :

Fanetsehana ireo fanohanana ara-tetibola avy any ivelany (fampindramam-bola andrasana nasondrotra ho 2 276,9 lavitrisa Ariary)

- » **Banky Iraisam-pirenena** : fanampiana ara-tetibola mitentina 100 tapitrisa Dolara Amerikana (amin'ny alalan'ny MERG) sy 20 tapitrisa USD (amin'ny alalan'ny TALIM);
- » **Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI)** : fanohanana mitentina 234,6 tapitrisa DTS mitsinjara amin'ny ampahany maromaro avy amin'ny FEC sy ny FRD;
- » **Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana (BAD)** : famatsiam-bola mitentina 50 tapitrisa amin'ny venty fanisana ara-kaonty (UC) avy amin'ny fandaharanasa PAGFRE.

FANKATOAVANA NY LFR 2026



01

Fametrahana eo anivon'ny
Antanimieram-pirenena

29 may 2026



02

Fankatoavana eo anivon'ny
Antanimieram-pirenena

22 jona 2026



03

Famoahana amin'ny
fomba ofisialy

15 jolay 2026



II. FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKANA AO AMIN'NY LFR 2026

- » **Fiarovana ny fahefa-mividy sy ireo fepetra ara-tsosialy** : fanitsiana ny antontan-karama mba hampidirana ireo fepetra ara-tsosialy sy ho an'ny sokajin-draharaha voatondro, ary fanokanana tetibola manokana hanamarinan-toerana ny vidin-tsolika vokatry ny fifanentanana iraisam-pirenena.
- » **Fanarenana sy fanavaozana ireo fotodrafitrasa** : fanohizana ny fanarenana ireo lalam-pirenena lehibe sy fanavaozana ireo seranam-piaramanidina ao Ivato sy ao Nosy Be ary tetikasa fanorenana orinasa vaovao mpamokatra simenitra ao Ibity.
- » **Fizakan-tena sy fampitomboana ny famokarana ara-tsakafo** : fizarana masomboly voamarina sy fitaovana enti-mamokatra (kits d'intrants) sy fanitarana ireo lemaka tondrahana ary fiarovana ny fidiram-bolan'ireo tantsaha malagasy amin'ny alalan'ny famerenana ny hetra amin'ny fanafarana.
- » **Firoboroboan'ny fanondranana sy fanamaroana ireo karazana indostria** : fitomboana goavana eo amin'ny ny habetsaky ny vokatra ara-pambolena aondrana (lavanila, jirofo, letchi), sy fampiharana ireo fepetra mikendry ny hanamaroana sy hanitarana ny tsenan'ny fanondranana lamba mba hisorohana ny ahiahy mikasika ny AGOA.
- » **Famelomana indray ny fizahan-tany sy ny tolotra nomerika** : fanohanana ny sehatry ny fizahan-tany izay nahitana fison-drotana 12% eo amin'ny isan'ny mpizahatany tonga nandritra ny telovolana voalohany tamin'ny taona 2026 sy fanafainganana ny fampandrosoana ny asan'ny BPO (Business Process Outsourcing) sy ny fifandraisan-davitra.

III. IREO LAHARAM-PAHAMEHANA EO AMIN'NY FITSINJARANA NY FANDANIANA

Ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 dia maneho paikady momba ny famindrana tetibola natao hamaliana ireo voina nateraky ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny olana ara-angovo nisy tato ho ato, nefa tsy mitaky fampihenana ankapobeny ny tetibola. Manome vahana ny famindrana ireo loharanom-bola mankany amin'ireo sehatra laharam-pahamehana amin'ny Fanavaozana ny firenena izy mba hitohizan'ny asam-panjakana sy hanamafisana ny faharetan'ny toekarena.

Eo amin'ny lafiny toe-karena sy famokarana :

Ireo tetibola voatokana dia manohana ireo sehatra manan-danja ho an'ny fiandrianam-pirenena, indrindra fa ny tao-trano sy ny asa vaventy ho fanarenana ireo fotodrafitrasa taorian'ny rivotsoa sy ny fanavaozana ireo lalam-pirenena lehibe ary ny seranam-piaramanidina. Misitraka fanampiana manokana ny fambolena mba hampitomboana ny vokatra amin'ny alalan'ny fampitaovana enti-mamokatra sy zezika sy ny fanitarana ireo velaran-tany hotondrahana. Miantehitra amin'ny fandrosoan'ny sehatra ara-kajy mirindra sy amin'ny fiaraha-miasa amin'ny orinasa tsy miankina ihany koa ny Fanjakana.

Eo amin'ny lafiny sosialy :

Lohalaharana amin'ny tetibola ny fiarovana ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanarenana ny fotodrafitrasa eo amin'ny lafin'ny fahasalamana sy fanabeazana ary fisitrahana rano fisotro madio. Hamafisina ny lafiny mahaolona amin'ny alalan'ny fampiasana ireo toeran'asa tsy nampiasaina sy fandraisana mpiasa vaovao mba hanatsarana kokoa ny fisitrahana ny asam-panjakana any amin'ny faritra rehetra. Ny fanitsiana natao mikasika ny antontan-karama dia ahafahana mamatsy vola ireo fanampiana ara-tsosialy sy ara-tsokajy ho an'ny mpiasam-panjakana, sady miantoka ny famatsiana ny kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono sy ny fanamarinan-toeran'ny vidin-tsolika mba hiarovana ny fahefa-mividin'ny vahoaka.

Eo amin'ny lafiny rafi-panjakana sy fitantanana :

Apetraka ho laharam-pahamehana ny fampiharana ny fitsinjaram-pitantanana ny tetibola mba hifanakaiky kokoa ny Fanjakana sy ny olom-pirenena eo amin'ny filany eny ifotony. Ampidirina eo amin'ny sehatra rehetra ao anatin'ny tetibola ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanamafisana ireo sampan-draharaha mpanara-maso eo anivon'ny Fanjakana.

IV. LOZA METY HIANTRAIKA AMIN'NY TETIBOLA

Ireo 30 731,7 lavitrisa Ariary voatokana ho an'ny tetibolan'ny taona 2026 dia mety tsy ho azo na mety tsy ho ampy raha sanatria ka misy :

- » **Fisehoan'ny loza voajanahary mahery vaika** : matetika andalovan'ny rivodoza mahery vaika i Madagasikara (ohatra : Fytia sy Gezani) izay mety hiteraka fatiantoka ara-bola goavana tomanana ho 10,9 % amin'ny harikarena faobe (PIB) isan-taona ;
- » **Fikorontanana ara-jeopolitika any amin'ny tany Arabo** : io fifandonana io dia mety hampihena 0,8 %-ny fitomboan'ny harikarena faobe (PIB) ho an'ny taona 2026, ka hisy fiantraikany mafy eo amin'ny sehatry ny fandraisam-bahiny (-7,1 pp) sy ny varotra (-2,8 pp) ary ny fitaterana (-2,7 pp);
- » **Fihenan'ny sandan'ny Ariary** : mampitombo fatratra ny vesatry ny fanefana trosa sy ny saran'ny fanafaran'entana stratejika satria ny 82,6 % amin'ny trosam-panjakana dia amin'ny vola vahiny;
- » **Fitomboan'ny fatiantoka amin'ny kitapom-bolan'ny fisetroan-dronono (CRCM)** : marefo ara-drafitra io kitapom-bola io ka mila famatsiana fanampiny tomanana ho 459,84 lavitrisa Ariary ho an'ny taona 2026;
- » **Fitotongan'ireo orinasam-panjakana** : ny fatiantoka goavana mianjady amin'ny JIRAMA (renivola mitentina -3 418,22 lavitrisa Ar) sy ny Air Madagascar dia manery ny Fanjakana hampindram-bola azy ireo avy ao amin'ny kitapom-bolany (1 104,53 lavitrisa Ar ho an'ny JIRAMA tamin'ny faran'ny taona 2024) na handoa ny trosan'ireo orinasa ireo amin'ny alalan'ny antoka (14,25 lavitrisa Ar ho an'ny Air Madagascar tamin'ny taona 2024), izay mety hampitombo ny trosam-panjakana.



V. VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA

1. Vinavina harifaobe

Tombanana ho 3,8 % ny fitomboan'ny harikarena araka ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, izany hoe nidina kely raha oharina amin'ny vinavina voalaza tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bola 2026 noho ny fiantraikan'ireo dona ivelany lehibe (krizy ara-angovo sy ny rivodoza). Na dia eo aza ireo toe-draharaha sarotra ireo, dia mbola nampiseho fahavitrihana ny seha-pihariana sasany, toy ny fambolena, sy ny fizahantany ary ny fampindramam-bola ataon'ny banky. Miroborobo ny fanondranana vokatra ara-pambolena, raha toa ka nihena kosa ny sehatry ny lamba sy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sasany. Na izany aza dia mbola marefo ihany anefa ny toekarena manoloana ny ambana amin'ny toetr'andro sy ny fifanentanana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Mbola mitombo hatrany anefa ny toekarena amin'ny ankapobeny, saingy marefo.

Fafana 1 : Vinavina harifaobe

	LFI 2025	LFI 2026	LFR 2026
HAF amin'ny sanda andavanandro (Lavitrisa Ariary)	87 765,2	100 181,4	99 039,0
Tahatombon'ny harikarena (amin'ny %)	3,4	4,8	3,8
Fanondroana ny vidin'entana (faran'ny vanim-potoana)	7,2	6,8	9,3
Tsy fahampiana ankapobeny ao amin'ny kitapom-bola (% HAF)	-2,4	-4,2	- 4,8
Toe-danja ao amin'ny kitapom-bola (% HAF)	-1,9	-3,0	- 3,5
Toe-danja amin'ny kitapom-bola eo am-pandoavana (Lavitrisa Ariary)	-1 631,6	-1097,6	- 3 466,3
Sandam-pifanakalozam-bola vahiny (anelanelan-taona)			
Dolara/Ariary	4 529,8	4 680,0	4 399,6
Euro/Ariary	5 062,4	5 331,3	5 105,4
Tahan'ny hanam-pamokarana (% HAF)			
Fanjakana	5,3	9,1	8,6
Tsy miankina	0,0	0,0	0,0
Tahan'ny tsindrin-ketra (% HAF)	10,6	11,2	11,5

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

2. Fitomboan’ny sehatrasa

Ny seha-pihariana voalohany dia nahitana tahan’ny fitomboana 4,0 (raha toa ka +6,4 % ny LFI 2026), vokatry ny fahasimbana nateraky ny rivotodoza Fytia (31 Janoary - 1 Febroary 2026) sy Gezani (10 Febroary 2026), tamin’ireo velaran-tany novolena sy ireo voly fanondrana maharitra. Ny fivoaran’ny sehatry ny fambolena (+4,1 %) dia tohanan’ny ezaka fanamafisana ny famokarana ara-pambolena (fizarana masomboly sy fitaovana ilaina amin’ny famokarana) sy ny fanitarana ireo velaran-tany voatondraka mba hanarenana ny fahasimbana nateraky ny rivotodoza.

Ny seha-pihariana faharoa dia nahitsy ho +1,9 % (raha +3,3 % no novinavinaina tao amin’ny LFI 2026).

Raha miadam-pandeha ny fitrandrahana harena an-kibon’ny tany, dia nenjehin’ny sehatry ny lamba (+4,0%) kosa ny tanjony teny am-piandohana (+1,2 %), noho ny fanamaroana sy fanitarana ireo tsena fanondranana. Etsy ankilany, ny sehatry ny famokarana akora fanorenana dia mahazo vahana noho ny fahamafisan’ny tinady eo amin’ny sehatry ny trano sy tao-trano.

Ny seha-pihariana fahatelo kosa dia mbola mitazona ny fahavitrihany, tohanan’ny sehatry ny trano sy tao-trano (+9,0 %, raha +7,3 % no tao amin’ny LFI), amin’ny asa fanarenana sy fanavaozana ireo fotodrafitrasa eny amin’ny seranam-piaramanidina. Ny sehatry ny fifandraisan-davitra (+12,2 %, raha +9,5 % no tao amin’ny LFI) dia manampy ihany koa amin’ny fitomboan’ny toekarena amin’ny alalan’ny firoboroboan’ny BPO sy ny fanatanterahana tetikasa toy ny « DECIM » sy « PRODIGY ».


Fafana 2 : Fiovan’ny taham-pitomboan’ny sehatr’asa

Fiovaovana (%)	LFI 2025	LFI 2026	LFR 2026
SEHA-PIHARIANA VOALOHANY	4,0	6,4	4,0
Fambolena	8,2	7,4	4,1
Fiompiana sy jono	-4,9	4,3	4,0
Fambolen-kazo	-11,4	1,3	1,1
SEHA-PIHARIANA FAHAROA	-0,5	3,3	1,9
Indostria fitrandrahana	-3,2	5,0	0,6
Sakafo, zava-pisotro, paraky	-0,4	2,5	1,3
Lamba	1,4	1,2	4,0
Hazo, taratasy, fanotam-pirinty	-1,9	1,1	1,2
Fitaovana fanorenana	4,5	11,7	11,3
Indostria momba ny vy	4,7	5,3	5,8
Milina sy fitaovana mandeha amin’ny herinaratra	4,5	1,7	3,6
Indostria samihafa	-0,5	1,4	2,4
Herinaratra, rano, entona fandrehitra	1,0	1,3	0,0

SEHA-PIHARIANA FAHATELO	4,6	6,1	5,7
Trano sy tao-trano	7,0	7,3	9,0
Varotra, fikojakojana, fanamboarana	2,2	4,5	4,4
Trano fandraisam-bahiny, trano fisakafoanana	5,4	15,0	6,1
Fitaterana	5,6	6,0	2,1
Paositra sy fifandraisan-davitra	9,3	9,5	12,2
Banky, trano fiantohana	8,1	8,9	10,0
Sampandraharaha momba ny orinasa (ho an'ny orinasa)	2,7	3,4	2,8
Fitantanan-draharaham-panjakana	-0,4	2,2	1,0
Fanabeazana	1,1	2,1	1,2
Fahasalamana	1,4	2,2	1,5
Andraiki-panjakana hanohanana ny isan-tokantrano	-0,9	1,7	1,0

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

Kisary 1 : Fivoaran'ny seha-pihariana



Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 1

VI. VOLA MIDITRA

Toy izao ny fanitsiana ny vinavinan'ny vola miditra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 :

(lavitrisa Ariary)

HETRA	FADINTSERANANA
Elanelana : 0 (Tazonina ho 6 221,7 lavitrisa Ariary araka ny LFI 2026)	Elanelana : +176 (Nampiakarina ho 5 202,0 lavitrisa Ariary)
Fepetra araka ny lalàna (+135)	Mikasika ny habantseranana
Fandanjаланjana ny fandania ara-ketra : fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra ho an'ny vary ambony karazana sy ny solitany, ary ny FRUP (Fondations Reconnues d'Utilité Publique);	Fitiavan-tanindrazana ara-toekarena : fampiharana tahan-ketra manokana izay manome vahana ny vokatra vokarina eto an-toerana raha oharina amin'ny entana novokarina avy any ivelany ;
Fiarovana ny vola miditra : fanatsarana ny rafitra ara-dalàna mifehy ny fomba fiasa;	Fahazakan-tenan'ny indostria : fisitrahana fanafoanan-ketra manokana sy fanamorana ny fanafarana fitaovam-pamokarana sy teknolojia avo lenta;
Fanatsarana ny fitantanana ara-ketra : fametrahana fifampitokisana eo amin'ny mpandao hetra.	Fanatsarana ny fandania ara-ketra : fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra ho an'ny vary ambony karazana sy ny solitany;
	Rariny ara-tsosialy sy ara-ketra : famerenana fampandoavana hetra ny fiara sy ny kodiarandroa sasany;
	Fanohanana ny famokarana : fitazonana ny tsy fandoavan-ketra ho an'ny ny fanafody famonoana holatra sy famonoana ahi-dratsy;
	Fadintseranana maitso (douane verte) : fanohanana ara-ketra ny angovo azo havaozina sy fanamafisana ny fanaraha-maso ireo vokatra mandoto ny tontolo iainana.
Fepetra ara-pitantanana (+392)	Fepetra ara-pitantanana
Fanaraha-maso ara-ketra : fanamafisana ny ady amin'ny hosoka ara-ketra;	Sehatra ara-panjakana : fanangonana ny haba sy hetra amin'ny fanafarana entana nataon'ny Fanjakana sy ireo rantsa-mangaikany;
Fanamafisana ny fanangonan-ketra (RAR) : fanangonana ireo hetra mbola tsy voaloa (anisan'izany ny JIRAMA);	Ady amin'ny hosoka ara-ketra : fanamafisana ny fanaraha-maso ireo sehatra ara-barotra tsy manara-dalàna;
Fanaraha-maso ny IRM : fanatsarana ny fanangonana ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny Tsena (IRM).	Fanavaozana : fampiasana ireo faharanitan-tsaina artifisialy sy ara-kajy mirindra mba hitiliana ireo loza mety hitranga.

1. Loharanon'ny vola miditra

Fafana 3 : Fitambaran'ny vola miditra amin'ny Fanjakana


(Lavitrisa Ariary)	LF 2025	LFI 2026	LFR 2026	Ecarts (LFI)
Vola miditra avy amin'ny hetra faobe	9 277,0	11 247,7	11 423,7	+176,0
Hetra anatiny	5 281,0	6 221,7	6 221,7	0,0
Habantseranana	3 996,0	5 026,0	5 202,0	+176,0
Vola miditra ivelan'ny hetra	253,1	285,4	345,9	+60,5
Fanomezana	1 167,5	2 366,2	2 349,4	-16,8
Fanomezana tsotra	27,3	11,3	11,3	0,0
Fanomezana renivola	1 140,2	2 354,9	2 338,1	-16,8
FITAMBARANY	10 697,5	13 899,3	14 119,0	+219,7

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

2. Vola miditra avy amin'ny hetra anatiny

Ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny hetra anatiny ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 dia tazonina hitovy amin'ny voalazan'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2026, izany hoe 6 221,7 lavitrisa Ariary.

Kisary 2 : Vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny hetra anatiny araka ny sokajin-ketra (Lavitrisa Ariary)




Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026

3. Vola miditra avy amin'ny habantseranana

Nampiakarina ho 5 202,0 lavitrisa Ariary ny toman'ny vola miditra avy amin'ny habantseranana ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, raha 5 026,0 lavitrisa Ariary izany tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana. Amin'ireo vinavin'ny vola miditra ireo dia 69 % avy amin'ny hetra no alaina avy amin'ny fanafarana vokatry tsy avy amin'ny solika ary 31 % kosa no avy amin'ny haba sy hetra amin'ny fanafarana vokatry avy amin'ny solika.

Kisary 3 : Vola miditra avy amin'ny habantseranana

(Lavitrisa Ariary)




Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakan nasiam- panitsiana 2026

4. Vola miditra ivelan'ny hetra

Ny vinavinan'ny vola miditra ivelan'ny hetra dia nahitana fiakarany raha oharina amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2026, ka mahatratra 345,9 lavitrisa Ariary. Ireo vola ireo dia ahitana ny vola azo avy amin'ny fandraisan'anjara'ny Fanjakana amin'ny renivolan'ny orinasa sy ny sara sy tambim-bidy isan-karazany ary ny vola azo avy amin'ny lahasa isan-karazany.

Kisary 4 : Vola miditra ivelan'ny hetra

(Lavitrisa Ariary)




Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam- panitsiana 2026, Tovana 2

5. Fanomezana

Ny fitambaran'ny fanomezana dia mitentina 2 349,4 lavitrisa Ariary. Ny fanomezana tsotra dia tazonina tsy miova raha oharina amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, izany hoe 11,3 lavitrisa Ariary, etsy ankilany kosa, ny fanomezana renivola ny tetikasa dia nahena ho 2 338,1 lavitrisa Ariary.

Kisary 5 : Firafitry ny fanomezana

(Lavitrisa Ariary)



Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam- panitsiana 2026.



VII. FANDANIANA AO ANATIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026

1. Fehin'ireo fanovana lehibe

Fafana 4 : Fehin'ireo fanovana lehibe momba ny fandanianana

SOKAJY	FITOMBOANA 
KARAMA	Fihazonana ny sara faoben'ny antontan-karama ho 4852,8 Lavitrisa Ariary :
	Fepetra manokana : fanitsiana ny saran'ny karama, fanapahan-kevitra ara-pitsarana, fampatsiahivana sy fandrotsahana valim-pankasitrahana manokana ;
	Fitantanana ny isan'ny mpiasam-panjakana : fahafahana mampiasa ireo toeran'asa tsy nampiasaina tamin'ny 2023 sy fandraisana mpiasa vaovao izay nahemotra tamin'ny taona 2025.
TAHIRIN'NY FISOTROAN-DRONONO	+87,5
	Fisondrotana miavaka mifandraika amin'ny famenoana ny kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono: fanomezan-danja ny fisotroan-dronono sy fitomboan'ny mpiasa mandeha misotro ronono ary fihenana ny isan'ny mpandoa latsakemboka.
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA (ANKOATRA NY KARAMA)	+1 230,4
	Famindram-bola anatin'ny :
	Fanitarana ny sehatrasa : famerenana indray ny loharanom-bola mankany amin'ireo laharam-pahamehana stratejika ;
	Fanohanana ny sehatry ny angovo : fanohizana ny drafi-panarenana ny JIRAMA ;
	Fanamarinan-toerana ny vidin-tsolika taorian'ny fifandonana tany Iran ;
SOKAJY	FIHENANA 
	-544,6
	Voka-dratsy ateraky ny fiovaovan'ny toetrandro : fanarenana ireo fotodrafitrasa fototra (lalana, angovo, rano sy sekoly ary tobim-pahasalamana) taorian'ny rivodoza Gezani sy Fytia.
	Fandraisana andraikitra aorian'ny loza voajanahary : fampidirana fampindramam-bola ivelany ho an'ny tetikasa mba ho fanarenana sy fanamafisana ny faharetana ara-toekarena sy ara-tsosialy.
	Asa vaventy : fanavaozana ny seranam-piaramanidina (Ivato sy Nosy Be), sy fananganana orinasa mpamokatra simenitra ao Ibity
FAMPIASAM-BOLA	

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2026 /
panjakana nasiam-panitsiana 2026

Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-

2. Fitsinjarana ny fandanium-bola araka ny sokajiny ara-toekarena

Ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 dia miankina amin'ny paikady voafehy miompana indrindra amin'ny famindram-bola anatin'ny mifototra amin'ny fitsirihana voafaritra sy fampifanojoana ny loharanom-bola amin'ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta.

Ny fanitsiana dia mahakasika ny fandania amin'ny fampandehanan-draharaha ankoatra ny karama sy ny fampiasam-bola irery ihany. Niakatra ho 60,6 % ny fandania amin'ny fampandehanan-draharaha ankoatra ny karama ary mifantoka indrindra amin'ny fandania momba ny famindrana sy fanampiana ara-bola. Etsy ankilany kosa, dia nahitana fihenana ankapobeny amin'ny taha 6,1 % ny fandania amin'ny hanam-pamokarana, noho ny fihenana ny tahan'ny fampiasam-bola avy amin'ny famatsiam-bola anatin'ny (29,9 %) izay tohanan'ny fahavitrihan'ny famatsiam-bola ivelany amin'ny ampahany.

Fafana 5 : Fitsinjarana ny fandania isan-tsokajiny

SOKAJY (lavitrisa Ariary)	LFI 2026	LFR 2026	ELANELANA
Zanabolan'ny trosa	980,4	980,4	-
Fandania tsotra mikasika ny karaman'ny mpiasa (ankoatra ny tambin-karama)	4 852,8	4 852,8	-
Fandania tsotra ivelan'ny karama	2 029,5	3 259,9	+1 230,4
Entana/Asa aman-draharaha	529,5	555,0	+25,5
Famindram-bola sy fanampiana ara-bola	1 195,5	2 325,4	+1 129,9
Tambin-karama	304,4	379,5	+75,1
Fandania amin'ny fampiasam-bola	8 902,0	8 357,4	-544,6
Fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny famatsiam-bola anatin'ny	2 026,1	1 420,1	-606,0
Fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny famatsiam-bola ivelany	6 875,9	6 937,2	+61,3
Asa marika fanitsiana ny Tetibola	2 034,3	3 186,0	+1 151,7
FITAMBARANY	18 799,0	20 636,4	+1 837,4

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026

Toetoetry ny trosam-panjakana

Trosa ivelany :

Mitentina 1244,4 Lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny famerenam-bola amin'ny trosa ivelany ary 334,7 Lavitrisa Ariary kosa ny zanabola, izay anonerana indrindra ireo fikambanana iraisam-pirenena marolafy.

Nahena ho 4 775,5 Lavitrisa Ariary ny vinavinana ny famoahana vola ho an'ireo tetikasa indramam-bola noho ny fisiana ireo fanampiana amin'ny vonjy rano vaky ho fiarenana aorian'ny rivotodoza.

Trosa anatin'ny :

Ny zanabolan'ny trosa anatin'ny kosa dia mahatratra 645,7 Lavitrisa Ariary, ka zanabolan'ny taratasim-bolan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny ankapobeny.

3. Fitsinjarana ny fandaniahana araka ny firaiketany ara-panjakana

Tsinjaraina amin'ny andrimpanjakana sy ny minisitera isan'isany ny fandaniahana araka ity fafana manaraka ity :

Fafana 6 : Fitsinjarana ny Tetibola isaky ny minisitera sy ny andrimpanjakana

(Lavitrisa Ariary)

ANDRIMPANJAKANA / MINISITERA	LFI 2026	LFR 2026
FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA	316,3	249,3
ANTENIMIERAN-DOHOLONA	23,3	14,2
ANTENIMIERAM-PIRENENA	76,8	89,9
FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA	8,9	9,6
FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA	633,4	181,1
FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY	6,4	4,1
VAOMIERA MAHALEO TENA MISAHANA NY FIFIDIANANA	60,9	50,4
MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY	615,4	667,4
MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY	91,2	100,9
MINISITERAN'NY FITSARANA	251,3	210,5
MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA	368,2	572,1
MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY Fitantanam-BOLA	2 655,1	2 978,2
MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA	278,9	266,5
MINISTERA MISAHANA NY FANAVAOZANA	6,9	42,9
MINISITERAN'NY FANAJARIANANY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY	255,7	234,2
MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA	870,1	868,6
MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA	373,5	359,6
MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA	2 315,1	2 285,4
MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY FAMPIOFANANA ARAK'ASA	145,1	151,3
MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHAVITAN-TENA ARA-TSAKAFO	-	905,6
MINISITERAN'NY FIOMPIANA	-	16,9
MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA	101,7	67,8
MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA	81,3	62,6
MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA	37,2	33,2


ANDRIMPANJAKANA / MINISITERA	LFI 2026	LFR 2026
MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO	40,5	35,5
MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO	2 049,4	2 143,4
MINISITERAN' NY HARENA AN-KIBON'NY TANY	18,3	23,5
MINISITERAN'NY ASA VAVENTY	1 754,3	2 126,7
MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA	41,2	41,2
MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAINJAFY	181,7	222,9
MINISITERAN'NY FIZAHAN-TANY SY NY ASA TANANA	17,5	17,5
MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA	475,9	442,9
MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA	32,3	35,6
MINISITERAN' NY MPONINA SY NY "SOLIDARITES"	61,6	288,9
MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA	35,2	35,6
MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA	27,7	34,1
MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA	511,2	576,2
MINISITERAN' NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA	957,6	15,1
Fitambaran'ny andrimpanjakana sy ny minisitera	15 777,2	16 461,5
RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA		
FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAROVANA NY DEMOKARASIA SY NY FANJAKANA TAN-DALANA (HCDDDED)	2,1	2,1
VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEO TENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA (CNIDH)	1,9	1,6
FILANKEVITRA ARA-TOEKARENA, ARA-TSOSIALY ARY ARA-KOLONTSAINA (CESC)	-	1,5
Fitambaran'ny rafitra voalazan'ny Lalàmpanorenana	4,0	5,2
FITSARANA AVO	3,1	3,4
Fitambarany ivelan'ny asa marika fanitsiana ny Tetibola	15 780,3	16 464,8
ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA		
MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY Fitantanam-BOLA	2 034,3	3 186,0
Fitambaran'ny asa marika fanitsiana ny Tetibola	2 034,3	3 186,0
Fitambarambe	17 818,6	19 656,0

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026



4. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny sokajin'andraikiny

Kisary 6 : Fitsinjarana ny fandaniam-bolam-panjakana araka ny andraikiny




Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

VIII. TSY FAHAMPIANA ARA-TETIBOLA AO AMIN'NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA 2026

1. Tsy fahampiana ara-tetibola

Hita taratra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 fa hisy tsy fahampiana ara-tetibola eo am-piandraiketana mitentina 4 746,7 lavitrisa Ariary izay mifandraika amin'ny 4,8 isan-jaton'ny harikarena faobe.

Kisary 7 : Vinavinan'ny tsy fahampiana ara-tetibola



Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

2. Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola

Ny tsy fahampiana ara-tetibola ho an'ny taona 2026 dia hofenoana toy izao manaraka izao :

Kisary 8 : Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola



Loharano-kevitra : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tovana 3

IX. INONA NO ATAO HOE : « TETIBOLA MAITSO » ?

1. Nahoana no misy « Tetibola Maitso » eto Madagasikara ?

Anisan'ireo firenena manan-karena indrindra amin'ny zava-manan'aina samihafa i Madagasikara, nefa anisan'ireo tena marefo manoloana ny vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro koa. Araka ny vinavina dia mety hiakatra hatramin'ny 2,9 °C ny maripana amin'ny taona 2080, ary hitombo 46 % ny tahan'ny herin'ny rivotro.

Manoloana ireo loza mitatao amin'ny sehatry ny fambolena sy ny angovo ary ny fisorohana ny loza voajanahary, dia nametraka ny Tetibola Maitso ny Governemanta. Fitaovana iray maneho ny fangaraharana ahafahana manara-maso ny vola lany amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy amin'ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetrandro izy io.

2. Inona avy ireo lahasa novatsiam-bola ?

Nozaraina ho sokajy lehibe efatra ny fandaniana « maitso » mba hahafahana mamaritra kokoa ny filàn'ny firenena :

- » **Fanalefahana** : fampihenana ny entona mandoto izay mahatonga ny fiakaran'ny hafanan'ny tany (ohatra : fambolena-kazo sy fampiasana angovo azo havoazina) ;
- » **Fampifanarahana** : fanitsiana ny rafitra mba fampihenana ny fahasimbana ateraky ny loza voajanahary (ohatra : fanamboarana lalana mahazaka loza voajanahary) ;
- » **Fatiantoka sy Fahavoazana** : fandraisana an-tanana ireo hamehana aorian'ny loza (ohatra : fanampiana aorian'ny rivotro) ;
- » **Fepetra mifampitohy** : hetsika mampifandray ny fanalefahana sy ny fampifanarahana (ohatra : fambolena maharitra).

3. Ireo fiovana ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana : ireo antontan'isa manan-danja

Fafana 7 : Fivoaran'ny tetibola maitso araka ny fepetra

(Lavitrina Ariary)

FEPETRA	LFI 2026	LFR 2026	ELANELANA
Fampifanarahana	1 041,0	810,1	-22,2%
Fanalefahana	1 338,0	663,8	-50,4%
Fanalefahana sy fampifanarahana	297,5	375,0	+26,0%
Fatiantoka sy fahavoazana	68,6	170,5	+148,4%
Fiarovana ny tontolo iainana	94,9	175,4	+84,7%
FITAMBARANY	2 840,1	2 194,8	-22,7%

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tavana 3

Ny lesoka ho an'ny angovo maitso : Nihena 50 % ny fampiasam-bola natokana ho an'ny Fanalefahana, indrindra noho ny fihenana 400 lavitrina Ariary amin'ny tetikasa fampidirana angovo avy amin'ny masoandro eny amin'ireo toerana mitoka-monina.

Ny tombony ho an'ny hamehana : Nitombo 148 % ny vola natokana ho an'ny Fatiantoka sy Fahasimbana. Izany dia vokatry ny filàna amin'ny fanarenana taorian'ny rivodoza Fytia sy Gezani, ary koa ny fandoavana ny onitra avy amin'ny fiantohana ARC manoloana ny loza ateraky ny fivoavan'ny toetrandro.

Fafana 8 : Fivoaran'ny Tetibola maitso ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026

(lavitrisa Ariary)

FEPETRA	LFI 2026	Isanjato miohatra amin'ny Tetibola	LFR 2026	Isanjato miohatra amin'ny Tetibola
Fampifanarahana	1 041,0	5,5%	810,1	4%
Fanalefahana	1 338,0	7,1%	663,8	3%
Fanalefahana sy fampifanarahana	297,5	1,6%	375,0	2%
Fatiantoka sy fahavoazana	68,6	0,4%	170,5	1%
Fiarovana ny tontolo iainana	94,9	0,5%	175,4	1%
Tsy voasokajy	15 958,8	84,9%	17 461,2	89%
FITAMBARANY	18 798,9	15%	19 656,0	11%

Loharano : Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, Tavana 3

Nahoana no misy ny fihenana ?

Nihena ho 11 % amin'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny ny anjaran'ny Tetibola Maitso ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 raha 15 % izany tany ampiandohana. Izany fiovana izany dia vokatry ny filàn'ny Fanjakana hamatsy ireo hamehana eo amin'ny firenena, izay tsy tafiditra ao anatin'ny mason-tsivana mamaritra ny Tetibola Maitso, toy ny :

- » **Drafi-panarenana ny JIRAMA :** voatery nampitombo ny fanampiana ho an'ny fitrandrahana ny Fanjakana mba hanamarinan-toerana ny famatsiana herinaratra ;
- » **Fotodrafitrasa momba ny lalana :** mifantoka amin'ny fanamboarana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa momba ny lalana ny fampiasam-bola lehibe ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana. Mamaly ireo filàna maika sy mikendry ny fanavaozana ny tambajotran-dalana ity fanovana ny laharam-pahamehana ara-tetibola ity ;
- » **Hamehana ara-tsosialy sy fanarenana taorian'ny rivodoza :** nanokana loharanom-bola fanampiny ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny fiarovana ara-tsosialy sy ny fanarenana taorian'ny rivodoza Fytia sy Gezani ary ny famelomana indray ny toekarena.

Na dia nihena aza ny anjaran'ny Tetibola Maitso, dia mbola mitazona ny haavon'ny fanoloran-tena amin'ny ady amin'ny fivoavan'ny toetrandro i Madagasikara, amin'ny taha 11,2 %, izay ambony noho ny salanisan'ireo firenena afrikanina maro.

X. FANOVANA LEHIBE AMIN'NY FEPETRA ARA-KETRA

1. Fepetra vaovao ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra

Hetra amin'ny vola miditra (IR)

- » **Fikambanana orinasa:** azo afindra amin'ny orinasa mitelina ny fatiantoka ara-ketran'ilay orinasa natelina raha misy ny fahazoan-dalana mazava avy amin'ny fitantanana ara-ketra ;
- » **Orinasa kaoperativa:** iharan'ny IR avokoa izy ireo na toa inona ny fitambaran'ny vola matiny ;
- » **Banky sy mpampindram-bola tsy miorim-ponenana :** ampiarana hetra amin'ny alalan'ny fitanana ifotony (retenue à la source) ny zana-bola azony amin'ireo fampisamboram-bola.

Hetra tambatra (IS)

- » **Mpamokatra fototra :** ny mpanjifa no mikajy sy mitana ny hetra ary mandrotsaka izany farafahatarany ny faha-15 ny volana manaraka ny fitanana ;
- » **Vola arotsaka mialoha :** noferana ho in-droa ny fandoavana izany : ny 31 martsa sy ny 30 jona ho an'ny taona sivily ; faran'ny volana faha-3 sy faha-6 aorian'ny fikatontan'ny taom-piasana ho an'ny hafa.

Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandanianana (DA)

- » **Kojakoja fitaiana sy lamba efa nampiasaina :** ampiarana DA 10 % amin'ireo entana hafarana ;
- » **Asa nomerika:** ampiarana DA 8 % ny haino aman-jery andoavam-bola sy ny fifandraisana amin'ny alalan'ny zana-bolana ;

Haba amin'ny tataom-bidy (TVA)

- » **Famerenana ny haba :** ampiarana TVA ny vary ambony karazana (5 %) sy ny solika fandrehitra amin'ny taha (20 %) ary ireo fiarakodia sy kodiarandroa hybrides mandeha amin'ny herinaratra ;
- » **Fanafoanana haba vaovao:** tsy iharan'ny TVA intsony ny fanafody famonoana holatra sy ny fanafody famonoana ahi-dratsy.

Saram-pivahinianana

- » **Sarany vaovao :** fampiakarana mihatra manomboka ny 1 Janoary 2027 sy mamaritra ny saran'ny fivahinianana toy ny :
 - Fijanonana latsaka na mandritra ny 15 andro: 270 000 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 15 andro ka hatramin'ny 1 volana : 309 000 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 1 volana ka hatramin'ny 2 volana : 335 000 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 2 volana ka hatramin'ny 3 volana : 387 000 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 3 volana ka hatramin'ny 3 taona : 497 500 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 3 taona ka hatramin'ny 5 taona : 595 000 Ar
 - Fijanonana mihoatra ny 5 taona sy fahafahana mijanonana maharitra : 692 500 Ar

- » **Fanafoanana** : tsy mandoa saram-pivahinianana intsony ireo mpandeha amin'ny sambo fizahan-tany

Fehezan-dalàna ara-ketra

Fanaboriboriana ny vola aloa : ny totalin'ny hetra aloa dia boriboriana amin'ny zato Ariary ambany aorian'ny kajy farany ;

Fahafana mitaky fahafantarana: ny fe-potoana hanitsiana ny tsy fanarahan-dalàna aorian'ny fampahatsiahivana dia 30 andro. Tapitra amin'ny faran'ny taona fahatelo ny fe-potoana ahafahan'ny Fitantanana-draharahan'ny hetra mampihatra ny zony hanao fanitsiana.

Hetran-tany (IFT sy IFPB): ny taratasy fameran-ketra dia havoaka miaraka amin'ny fanambarana ny fandoavan-ketra mba hanamorana ny fanangonana ny hetra.

Mpisitraka tena izy : fanamafisana ireo sazy ampiharina amin'ny tsy fanaovana fanambarana na fitanana ny rejisitra (ny onitra dia eo amin'ny 10 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 50 tapitrisa Ariary, na 5 % amin'ny vola maty).

2. Fepetra vaovao ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana

Vokatra ara-tsakafo sy fihinana

- » Fotsimbary, voatoto na koba hafa (1006.20 00, 1006.30 90, 1006.40 00): haverina hampiharina ny habantseranana (DD) 20 % ;
- » Vary ambony karazana (1006.30 10) : iharan'ny habantseranana 20 % sy TVA 5 % ;
- » Vokatra antsoina hoe “Creamer” (1901.90 92 / 2106.90 94): hatsangana ny sokajy manokana ho an'ny vokatra ampiasaina hanalefahana na hanapohana ny kafe sy dite ka iharan'ny habantseranana 20 % sy TVA 20 %, mba hitsinjovana ny mpamokatra eto an-toerana.

Angovo

- » Solitany fandrehitra (2710.19 21) : haverina hampiharina ny TVA 20 %

Fiara fitaterana

- » Fiara hybrides mandeha amin'ny herinaratra : hampiharina indray ny hetra (ankoatra ireo fiara hybrides légers) ka iharan'ny habantseranana (DD) 5 %, 10 % na 20 %, arakaraka ny sokajin'ny fiara, ary TVA 20 %.
- » Fiara hybrides légers : fanitsiana ny tahan'ny habantseranana ho 10 % na 20 %, arakaraka ny maodelin'ny fiara.

Kojakoa ilaina amin'ny fambolena sy ny pitsopitsony

- » Fanafody famonoana holatra sy ahi-dratsy (3808.92 / 3808.93) : fanesorana tanteraka ny haba sy hetra amin'ny fanafarana mba hanohanana ny sehatry ny fambolena ;
- » Odimoka miolankolana (3808.91 11) : fanesorana tanteraka ny haba sy hetra amin'ny

fanafarana, mba hanamorana ny fisitrahana'ny ambanivohitra ireo vokatra ireo ho fanamafisana ny ady amin'ny tazomoka ;

- » Harato ampiasaina amin'ny hetsika ara-panatanjahantena (9506.99 10): famindrana sara makany amin'ny toko faha-95 (fitaovana fanatanjahantena) ka iharan'ny habantseranana (DD) 20 % sy TVA 20 % ;
- » Entam-barotra efa nampiasaina (6309.00): na dia misy aza ny fepetra momba ny haba amin'ny fandania, dia ampiharina amin'ireo entana nafarana efa nampiasaina (akanjo, kiraro ary lamba fampiasana ao an-tokantrano) ny haba amin'ny fandania 10 %.

XI. SANTIONAN'IREO FEPETRA MANOKANA

Andininy faha-16: Fetran'ny findramam-bola

Ho an'ny taona 2026, ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana dia mametra ny findramam-bola avy any ivelany ataon'ny Fanjakana foibe ho 12 759,0 lavitrisa Ariary ary mitentina 3 000,0 lavitrisa Ariary kosa ny trosa anatin'ny. Ferana ho 46,0 lavitrisa Ariary ny antoky ny Fanjakana amin'ny findramam-bola. Omena alalana haka ny saran'ny antoka any amin'ireo izay nahazo izany ny Tahirim-bolam-panjakana.

Andininy faha-19: Ny Kaonty Manokana “Développement du Secteur Pétrolier Aval”.

Ny Kaonty Manokana nantsoina teo aloha hoe : “Prélèvement sur les prix des produits pétroliers”, dia ovana anarana ho : “Développement du Secteur Pétrolier Aval”. Kaonty vatsiana amin'ny ampahany amin'ny vokatry ny « Redevance de Développement du Secteur pétrolier aval » araka ny voalazan'ny andininy teo aloha izy io.

Ny vola voaangona dia tsinjaraina toy izao:

- » 93 % ho an'ny fampiasam-bola (fotodrafitrasa sy fampitaovana) ;
- » 7 % ho an'ny fampandehanan-draharaha (fanatsarana ny tambajotram-pamatsiana).

Nosoloina ity rafitra vaovao ity ireo fepetra teo aloha.

Andininy faha-20: Fanafoanana ny Kaonty manokana “ Visas et cartes de résidents biométriques”

Foanana ny Kaonty manokana “Visas et cartes de résidents biométriques” ka arotsaka ao amin'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana izay miandraikitra ny fandania amin'ny fanontana karatra fahazoan-dalana hipetraka ihany koa.

Andininy faha-21: Famoronana matoan'asa ara-tetibola

Araka ity Lalàna mifehy ny Fitantanambolam- panjakana nasiam-panitsiana 2026 ity dia noforonina ireto matoan'asa ara-tetibola manaraka ireto :

- » “410 – Fambolena sy fahavitan-tena ara-tsakafo”, eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahavitan-tena ara-tsakafo (MinASA) ;
- » “420 – Fiompiana”, eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana (MinEL) ;
- » “940 – Filan-kevitra Ara-toekarena, Ara-tsosialy ary Ara-kolontsaina”, eo anivon'ny Filan-kevitra Ara-toekarena, Ara-tsosialy ary Ara-kolontsaina (CESC).

FANAZAVAN-TENY

Famindrana tetibola : fanitsiana ny fitsinjarana ny sora-bola amin'ireo karazana fandania mba hamaliana ny filàna vaovao na ny laharam-pahamehana mitranga na ny olana amin'ny fanatanterahana ny asa. Manatsara ny fampiasana ny enti-manana nefa tsy manova ny tontalin'ny tetibola ity lahasa ity.

Tetibola Maitso : fitaovana ara-tetibola ahafahana mamantatra sy manara-maso ny fandaniam-panjakana entina iadiana amin'ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny fiarovana ny tontolo iainana.

Fahazakan'ny Fitantanam-bolam-panjakana : fahafahan'ny Fanjakana mandoa ny fandania ny mamerina ny troso lavitra ezaka nefa tsy manimba ny fifandanjan'ny tahirim-bola. Miantoka ny famehezana ny haavon'ny troso sy ny fatiantoka mba tsy ho vesatra ho an'ny taranaka faramandimby ary mihazona ny fitohizan'ny raharaham-panjakana izy io.

Fitsinjaram-pahefana ara-tetibola : fomba famindrana ny ampahan'ny fahefa-manapa-kevitra sy ny fitantanana tetibola amin'ny mpisolo tena ny Fanjakana eny ifotony (fitaleavana isam-paritra sy isam-pivondronana).

Fadintseranana ho an'ny faharetana (na Fadintseranana Maitso) : paikadin'ny fadintseranana hiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fanaraha-maso ireo vokatra mandoto sy hanohanana ny famadihana ny rafitra angovo amin'ny alalan'ny hetsika ara-ketra ho an'ny angovo azo avaozina. Ny tanjony dia ny hampihena ny harefon'ny firenena iharan'ny ambana amin'ny angovo avy any ivelany.

Fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) : ireo loharanom-bola avy amin'ny varotra na fanomezana avy amin'ny fanampiana avy any ivelany (matetika fanomezana tsotra) ka navadika vola Malagasy mba hamatsiana tetikasam-pandrosoana manokana.

FANAFOHEZAN-TENY

AGOA	Lalàna mamela ny firenena afrikanina hanondrana vokatra afa-kaba na mihen-kaba any Etazonia
ARC	African Risk Capacity
BAD	Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana
BPO	Business Process Outsourcing
BTP	Trano sy tao-trano
CECSC	Filankevitra ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolontsaina
CRCM	Tahirim-bola fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana sy ny miaramila
DA	Hetra an-tselika
DD	Hetra alaina amin'ny fadintseranana
DECIM	Tetikasa fampifandraisana ara-nomerika sy ara-angovo ho amin'ny fampidirana ny rehetra eto Madagasikara
DTS	Zon'ny fisintonana manokana
FCV	Fanampiana avy any ivelany natokana havadika vola
FEC	Fampindramam-bola nitarina
FMI	Tahirim-bola Iraisam-pirenena
FRD	Tahirim-bola ho an'ny fampandrosoana ny faritra
FRUP	Fikambanana eken'ny Fanjakana noho ny asa sosialy na fampandrosoana ataony ho tombontsoan'ny daholobe.
IFPB	Hetran-trano
IFT	Hetran-tany
IR	Hetra amin'ny vola miditra
IRM	Hetra alaina amin'ny vola miditra amin'ny tsenambarotra
IS	Hetra tambatra
JIRAMA	Jiro sy Rano Malagasy
LFI	Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana
LFR	Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana
MERG	Fandaharanasa hanamafisana ny faharetan'ny toekarena sy ny fitantanana Mangarahara
MinASA	Minisiteran'ny fambolena sy ny fahaleovantenan-tsakafo
MinEL	Minisiteran'ny fiompiana
OGT	Kirakiram-bola ankapoben'ny Tahirim-bolam-panjakana

PAGFRE	Fandaharanasa fanohanana ny Fitantanam-bolam-panjakana sy ny famelomana indray ny toekarena
PIB	Harikarena faobe
PRODIGY	Tetikasa momba ny fitantanana nomerika sy ny famantarana an'i Madagasikara
RAR	Fanangonana ireo hetra mbola tsy voaloa
RDS	Tahirim-bola ho an'ny fampandrosoana maharitra
TALIM	Tetikasa manohana ny fampidirana mianatra sy ny fampianarana eto Madagasikara
TVA	Haba amin'ny tataom-bidy
UC	Venty fanisana ara-kaonty
USD	Dolara amerikana

